


**Alain Mahavimbina, Lehiben'ny Faritra Atsinanana**

***Tany aho, nahita aho, nandresy aho !*** Io no teny navoitry ny Lehibe ny Faritra Atsinanana, Alain Mahavimbina, raha nitatitra ny zava-bitan'ny Tetezamita ao Toamasina ny Filoha Andry Rajoelina.

Maro ny zava-sarotra nolalovana vao tonga tamin'ny fahavitan'ny tetik'asa telo be izao dia : ny trano vaovao miisa 100 lasa "**Cité FITIAVANA**" *;* ny Hopitaly manara-penitra ary ny Lapan'ny Tanàna.

Ny lahaten'ny Lehiben'ny Faritra dia nitatitra fa nisy tokoa ny sakatsakana tao anatin'ny

fanatanterahana ny asa. Noho ny fikirizana sy ny tsy fihemorana anefa dia tontosa soa aman-tsara ny asa rehetra, ary dia iny notokanana tamin'ny Asabotsy 19 sy Alahady 20 Janoary 2013 lasa teo ireo tetik'asa telo goavana ireo.




Sakatsakana izay namafisin'ny Filohan'nyTetezamita, fa *"nisy mihitsy ny nanakarama olona hitokona sy handrava ny fefy, teo anoloan'ny fanamboarana ny tetik'asa iray. Ny tsirairay no mitsara izao na tsara na tsy tsara ny nanaovana ny "Hôtel de ville"*, hoy ny Filoha Andry Rajoelina.

Nisantarana ny fitokanana rahateo ny fahavitan'ny Trano Mora izay nomena anarana hoe: **"Cité FITIAVANA"**, ary natokana ho an'ireo tanora latsakin'ny 35 taona izay efa ao anatin'ny famelomana ny vady aman-janany, na ihany koa efa eo ampiandrasana ny menakin'ny ainy.

Ny lahateny nataon'ny Emperora Jules Cesar, fony izy tany Frantsa, no nentin'ny Lehiben'ny Faritra namintinana ny làlana nodiavina dia ny hoe : ***Tany aho, Nahita aho, Nandresy aho***, (***Veni, Vidi, Vici*** - *Je suis venu, j'ai vu, j'ai vaincu*) ka tonga tamin'ireny fitokanana ny zava-bita ireny.

*"Tany ianao Andriamatoa Filoha, nijery akaiky ny tena ilain'ny mponina sy ny tokony mahasoa azy, ary dia nahita ny zava-misy sy ny manahirana ny mponina. Niafara tamin'ny fandresena izany. Izay no porofo ny fahavitan'ireo hetahetan'ny mponina izay vao notokanana tsy ela ireo".*




Raha ny trano vao notokanana dia hita manaraka ny fenitra rehetra eo amin'ny fanamboarana. Trano miisa 100 izy ireo ka misy karazany roa, dia ao aloha ny trano nolokoina fotsy, ary ao miloko volon-tany mena. Ireo voalohany, izay miisa 28 dia nahatratra hatrany amin'ny 90 tapitrisa Ariary ny vidiny, ka fianakaviana manana ny fidiram-bola ambony kokoa no afaka miditra aminy.


www.madagate.com


www.madagate.com